Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-VABAKA
Alakamisy 10 desambra 2020.

Fiarahabana

Vavaka Nangoninao sy nampiraisinao ho Fiangonana miray aina. Ho tena mahatoky amin'izany…

Ny maha-mpitarika ny Mpitandrina araka ny 1 Timoty 4

TARI-DRESAKA

Ny mampiavaka ny Mpitandrina : na dia mitana toerana lehibe sy voalohany eo amin'ny fitondram-piangonana aza ny Mpitandrina dia miavaka amin'ny mpitarika (*dirigeant*) eo amin'izao tontolo izao izy :

1. Mpiandry ondry eo ambany fahefan'ilay tena Mpiandry sady Mpiandry tsara izy dia Jesosy Kristy. Ondrin'i Kristy no andrasany ary ny fitiavan'i Kristy ny ondriny no manosika azy sy mitari-dalana azy eo amin'ny asa fanompoany.

2. Mpiandry ondry izy, ka mpitarika mijro sy mandeha eo alohan'ny ondry fa tsy manam-pahefana manjakazaka, na manampatra fahefana mandidy sy manery ny ondry. Mpitondra be fitiavana sy malemy fanahy izy ka mampianatra sy manoro, sy mikarakara sy mitsabo ary mitandro ny fahasalaman'ny ondry amin'ny lafiny rehetra.

3. Akaiky ny ondry tandremany ny Mpitandrina (*au sens propre : géographique* ; *au sens figuré : affectif et spirituel* / am-po sy am-panahy), fa tsy *fonctionnaire* izay afa-po manefa ny asa fa tsy manana firaisana amin'ny ondry sy mitandrina ny ondry amin'ny lafiny rehetra.

Ny Lohahevitra dia ny hoe : Ny maha-mpitarika ny Mpitandrina (*le leadership pastoral*). Raha mijery ny *dictionnaire* isika dia izao no handikany ny hoe *leadership* : fahaizan'ny olona iray mitarika olona hanatratra tanjona iray na maromaro. Araka izany dia mpanoro-lalana (*guide*), mpitarika na mpitaona (*influent*), manome haingam-panahy (*inspirateur*) ny Mpitandrina amin'ny maha-mpitarika azy. Tsy natao hitsarantsika na hanomezantsika naoty tsara na ratsy ny Mpitandrina akory izany fitanisana izany fa natao hampahafantarana antsika ny andraikitra nomena azy ka hankatovantsika sy hanajantsika izany araka ny tenin'ny mpanoratra ny Epistily ho an'ny Hebereo hoe : *" Manekè ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny*

fanahinareo araka izay tokony hataon' ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin' ny fifaliana, fa tsy amin' ny fisentoana; fa tsy hahasoa anareo izany." (Heb.13.17)

Hira : 286 :1,2 Ry Jeso Mpitarika hendry.

Vakiteny 1. 1Timoty 4.1-5

1 Fa ny Fanahy milaza marina fa amin' ny andro aoriana dia hihemotra amin' ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran' ny demonia,2 amin' ny fihatsaram-belatsihin' ny mpilaza lainga, ka voapetaky ny vy mahamay ny fieritreretany,3 izay mandrara tsy hanam-bady, ary mampifady hanina, izay nataon' Andriamanitra ho an' izay mino sady mahalala ny marina, mba horaisiny amin' ny fisaorana.4 Fa ny zavatra rehetra nataon' Andriamanitra dia tsara avokoa, ka tsy misy tokony holavina, raha raisina amin' ny fisaorana,5 satria hamasinin' ny tenin' Andriamanitra sy ny fivavahana izany.

Hira : 437 :1,2 Ry Jeso Kristy Tompo

Vavaka

- Mivavaka mba hazavain'ny Tompo mandrakariva ary hohatanjahiny amin'ny finoana marina sy ny fitiavana ny Mpitandrina hahazoany miambina tsara ny ondry ka miaro azy ireny amin'ny fampianaran-diso, manoro lalana azy ho amin'ny fahamarinana ary manainga ny fanahin'izy ireny hanompo tsara ny Tompo (hanao ny sitrapony)
- Mivavaka ho antsika vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana mba hahay hanohana sy hivavaka ho an'ny Mpitandrina hahatanterahany tsara ny asa fanompoany amin'ny fifaliana sy ny fahombiazana.

Vakiteny 2. 1Timoty 4.6-8

6 Raha manoro hevitra ny rahalahy ny amin' izany zavatra izany hianao, dia ho mpanompo tsara an' i Kristy Jesosy, tezaina amin' ny tenin' ny finoana sy ny fampianarana tsara izay efa narahinao.7 Fa ny anganongano ratsy fanaom-bavy antitra dia lavo, ka mampiasà ny tenanao ho amin' ny toe-panahy araka an' Andriamanitra.8 Fa mahasoa kely ihany ny fampiasana ny tena; fa ny toe-panahy araka an' Andriamanitra no mahasoa amin' ny zavatra rehetra ka manana ny teny fikasana ny amin' ny fiainana ankehitriny sy ny ho avy koa.

Hira : 639 :1,4 Ry Miaramila mandrosoa izao

Vavaka

- Mba handraisan'y olona ny Mpitandrina, tsy toy ny *fonctionnaire*, fa ho toy ny irak'i Kristy, misolo-tena Azy mitarika sy mitaiza ary mampianatra antsika ho amin'ny toe-panahy araka

an'Andriamanitra, ka mba hahay hanaja sy hanohana ny Mpitandrina ny vahoakan' Andriamanitra.
- Mba hiasan'Andriamanitra sy harovany amin'ny fakam-panahy sy ny fahalemena ny Mpitandrina hahazoany mijoro ho vavolombelona mahatoky sy ho mpitarika tsara ny mino.

Vakiteny 3. 1Timoty 4.9-12

9 Mahatoky izao teny izao ka tokony hekena amin' ny fankasitrahana rehetra.10 Fa izany no ikelezanay aina sy iezahanay, satria izahay manantena an' Andriamanitra velona, Izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra fa izay mino.11 Izany zavatra izany no andidio sy ampianaro.12 Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an' ny mino hianao amin' ny fiteny, amin' ny fitondran-tena, amin' ny fitiavana, amin' ny finoana, amin' ny fahadiovana.

Hira : 295 :1 Miorena mafy tsara

Vavaka
- Ho an'ny Mpitandrina mba hitombo amin'ny zavatra rehetra indrindra amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra izy ireo ka hahay hanoro lalana sy hitarika ary hampahery antsika amin'ny teny sy ny vavaka.
- Ho vavolombelon'ny fampianarana sy fitaizana tsara azontsika isika ka sady hisaotra no hahay hitory sy hijoro ho vavalombelon'ny teny tsara sy ny finoana.

Vakiteny 4. 1Timoty 4.13-16

13 Mandra-pihaviko tandremo ny famakian-teny, ny fananarana, ny fampianarana.14 Aza tsy mitandrina ny fanomezam-pahasoavana izay ao anatinao, izay nomena anao tamin' ny faminaniana sy ny fametrahan-tànan' ny loholona.15 Mazotoa hihevitra izany zavatra izany, dia mikeleza aina fatratra amin' izany, mba hiseho amin' ny olona rehetra ny fandrosoanao.16 Tandremo ny tenanao sy ny fampianaranao, ka mahareta amin' izany; fa raha manao izany hianao, dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao.

Hira : 295 :2 Miadia ny ady tsara

Vavaka
- Ho an'ny marary, ho an'ny sahirana, ho an'ny azom-pahoriana
- Ho an'izao tontolo izao noho ny valan'aretina COVID 19.

FEHINY Heb.12.25 ; 13.17

Tandremo mba tsy holavinareo Izay miteny. Fa raha izy ireo tsy afa-nandositra tamin' ny nandavany ilay nilaza ny tenin' Andriamanitra taminy tetỳ ambonin' ny tany, mainka fa isika, raha mihodina miala amin' ilay avy any an-danitra. Koa manekè ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon' ny olona mbola hampamoahina, mba hanaovany izany amin' ny fifaliana, fa tsy amin' ny fisentoana; fa tsy hahasoa anareo izany.

Hira : 295 :4 Ry Jesosy hatanjaho

Tsodrano. Heb.13.20-21

Ary Andriamanitry ny fiadanana, Izay nitondra an' i Jesosy Tompontsika, Mpiandry ondry lehibe, hiala amin' ny maty, mitondra ny ran' ny fanekena mandrakizay, Izy anie hahatanteraka anareo amin' ny tsara rehetra hanao ny sitrapony ka hiasa ao anatinareo izay ankasitrahana eo imasony amin' ny alalan' i Jesosy Kristy; ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay mandrakizay. Amena.